Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Synoda Lehibe

# LITORJIA SAMIHAFA ATO AMIN'NY FPMA



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

**FANOROAN-TAKILA**

**FANOROAN-TAKILA** 2

**LITORJIA A** 4

**LITORJIA B** 11

**LITORJIA D** 17

I. FIHAONANA SY FANKALAZANA : 18

II. FIFONANA SY FAMELAN-KELOKA ARY FANKALAZANA : 18

III. TENIN'ANDRIAMANITRA : 19

IV. FANASAN'NY TOMPO : 19

V. ASAN'NY FIANGONANA : (azo ovaina ny ordre) 20

**LITORJIA D1** 21

I - FIFAMPIARAHABANA - Fiantsoana 22

II - SITRAPON'ANDRIAMANITRA 22

III - TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA 22

IV - FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO 23

VI - TENY FAMPAHEREZANA (mitsangana) 25

VII - RAKITRA 26

VIII - VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA 26

IX - HAFATRA SY TSODRANO 26

**LITORJIA BATISA sy MPANDRAY** 27

LITORJIA BATISAN-JAZA (endriny 1) 28

LITORJIA BATISAN-JAZA (version 2) 31

LITORJIA FANDRAISANA KATEKOMENA 34

**FANOKANANA DIAKONA sy** 38

**MPIANDRAIKITRA SAMPANA** 38

FANOKANANA DIAKONA 39

FANEKENA ATAON'NY DIAKONA 40

FAMETRAHANA MPIANDRAIKITRA SAMPANA 42

FANEKENA ATAON'NY FILOHAN'NY SAMPANA 43

**LITORJIAN'NY FANDRAISANA KATEKOMENA (Endriny 1)** 45

LITORJIAN'NY FANDRAISANA KATEKOMENA (Endriny faha-2) 48
FANDRAISANA MPITANDRINA MATIHANINA 53
FANAMASINANA SY FITSOFAN-DRANO FANAMBADIANA 57

# L I T O R J I A   A

**Feon'orga**

**Antoko Mpihira**

## FANDRAISANA SY FIARAHABANA APOSTOLIKA (ACCUEIL ET SALUTATION APOSTOLIQUE)

## SALAMO

**Hira**

**Vavaka fihaonana**

**Feon'orga**

## SITRAPON'ANDRIAMANITRA
## FIAIKEN-KELOKA

Mpitarika**: (<u>Vavaka</u>)**

Fiangonana **:**

**"RY RAINAY BE FAMINDRAM-PO Ô, MITALAHO AMINAO IZAHAY ; MAMELÀ NY HELOKAY ;DIOVY IZAHAY HO AFA-PAHOTANA ; SASAO IZAHAY HO AFA-KELOKA ; ARY HAVAOZY NY FANAHINAY MBA HO VONON-KANOMPO ANAO. NY FITIAVAN'I JESOSY KRISTY ZANAKAO MPAMONJY ANAY NO ANGATAHANAY AMINAO". AMENA**

**- Hira : *Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !***
***Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !***
***Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !***

## TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

Mpitarika**: (<u>Teny famelan-keloka</u>)**

Fiangonana **:** ***AMEN***

FANKALAZANA

Mpitarika**:** *VONINAHITRA ANY AMIN'NY AVO INDRINDRA HO AN'ANDRIAMANITRA*

Fiangonana **:** ***ARY FIADANANA HO ETY AMBONIN'NY TANY AMIN'NY OLONA ANKASITRAHANY.***

***FIANGONANA : FANOLORANA FIADANANA (RAHA TSY MISY FANDRAISANA)***

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**- Hira :**

Mpitarika**: <u>Vavaka noho ny Teny</u>**

**TESTAMENTA TALOHA**

**EPISTILY :**

164/1 na 357/2



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

**FILAZANTSARA :**

Fiangonana : ***ISAORANA ANIE NY TOMPO NOHO NY FILAZANTSARA !***

***NA RAY MASINA O***

Hira:

TORITENY
Feon'orga fohy
**Antoko Mpihira**

**FANEKEM-PINOANA**

**Filazan-draharaha**
RAKITRA
**Hira**

**Hira fanolorana**
***Ry Tompon'ny harena ô,***
(na Hira hafa).
Vavaka fisaorana sy fangatahana + Rainay izay any an-danitra.
**HIRA**
**HAFATRA**
**TSODRANO**

Mpitarika **:** *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO.*

Fiangonana : ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO.***

Mpitarika **: <u>Tsodrano</u>**

Fiangonana : ***AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !***

**- Hira :**

Mpitarika
VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRAMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY. AMENA. MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !
Fiangonana : **ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !**
**Feon'orga firavana**

Alahady misy fandraisana

## FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

**- Hira :**

Mpitarika: HO AMINAREO ANIE NY TOMPO ! AOKA HIZARA NY FIADANANA ISIKA

Fiangonana : - **HO AMINAO ANIE NY TOMPO ! ARY HO AMINAO KOA**

**Sursum Corda** *(Mitsangana)*

Mpitarika: ASANDRATO NY FONAREO HO EO AMIN'NY TOMPO

Fiangonana : **ASANDRATRAY NY FONAY HO EO AMIN'NY TOMPO**

Mpitarika: AOKA HO DERAINTSIKA NY TOMPO ANDRIAMANITRA

Fiangonana : **MENDRIKA HO DERAINA IZY**

**Préface** *(Mitsangana)*

mpitarika : ENY TOKOA TOMPO Ô, RAY MASINA, ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, MAHEFA NY ZAVATRA REHETRA, METY SY MAHAVONJY NY ISAORANAY ANAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA SY AMIN'NY TOERANA REHETRA AMIN'NY ALALAN'I JESOA KRISTY TOMPONAY, IZAY TIA ANAY SY NANOLO-TENA HAMONJY ANAY ; AMIN'NY ALALANY KOA NO IDERAN'NY ANJELY NY FIANDRIANANAO SY ITSAOHAN'NY FANAPAHANA SY NY FAHEFANA REHETRA ANAO AMIN'NY TAHOTRA ARY IARAHAN'NY FIANGONANA ANY AN-DANITRA SY ETY AN-TANY MIDERA NY ANARANAO AMIN'NY FIHOBIANA ARY IZAHAY KOA ANKEHITRINY MIARA-MANANDRATRA NY FEONAY AMINY, KA AMIN'NY FANAJANA LEHIBE NO IDERANAY HOE :

**Hira : Antema 1 ( Sanctus )**

***Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena***

**Vavaka ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse )** *(Mipetraka)*

Mpitarika : RY KRISTIANA MALALA, AOKA ISIKA HAHATSIARO AN'I JESOA KRISTY IZAY MATY NISOLO ANTSIKA SY NITSANGANA HO FANAMARINANA ANTSIKA, DIA FANATI-PIHAVANANA NATOLOTR'ANDRIAMANITRA ANTSIKA, ARY AOKA ISIKA HIARA-MISAOTRA SY HIVAVAKA :

MISAOTRA ANAO IZAHAY ANDRIAMANITRA RAINAY, TOMPON'NY LANITRA SY NY TANY, FA NOHO NY FAMINDRAM-PONAO AMINAY MPANOTA MAHANTRA, DIA NOMENAO NY ZANAKAO LAHY TOKANA, MBA TSY HO VERY IZAY REHETRA MINO AZY FA HANANA FIAINANA MANDRAKIZAY.

Fiangonana: **EFA MATY KRISTY, EFA NITSANGANA KRISTY ARY HO AVY AMIMBONINAHITRA.**

Mpitarika : Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra o, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.
Fiangonana :**Amena, avia Jesoa Tompo !**

**Mpitarika** : Ankehitriny, Ray o, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.
Fiangonana : **Amena, avia Fanahy Masina !**

**Mpitarika** : Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.
Fiangonana : **Amena !**

## - <u>Teny Fanorenana sy Fanamasinana</u> (*Mitsangana*)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy : « Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. » Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy : « Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »
Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

**- Hira : 117 (<u>Agnus Dei</u>)**

***1 O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***

***O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***

***3 O, ry Zanak'ondry,***



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

***Anefa tsy namaly ; Anefa tsy namaly ;***
***Ny helokay nalainao, Ny helokay nalainao,***
***Ka maty re ny ainao Ka maty re ny ainao***
***Mba iantrao izahay, ry Jeso ! Ampiadanonao zahay re !***

Mpitarika
EFA NANDRAY NY FANAHY MAHA-ZANAK'ANDRIAMANITRA ANTSIKA ISIKA, KOA IZANY NO HAHAFAHANTSIKA MANATONA NY RAY, HOE
Fiangonana (***Vavaka nampianarin'ny Tompo***)

**Mpitarika** :
NY MOFO IZAY VAKIANTSIKA DIA FIRAISANA AMIN'NY TENAN'I JESO KRISTY TOMPONTSIKA.NY KAPOAKY NYFISAORANA IZAY ISAORANTSIKA DIA FIRAISANA AMIN'NY RAN'I JESO KRISTY TOMPONTSIKA. HOY NY TOMPO : ANDEHA, EFA VOAVOTRA AVOKOA NY ZAVATRA REHETRA !

**Fandraisana:**

**TENY FAMPAHEREZANA (mitsangana)**

Mpitarika : JESO KRISTY TOMPONTSIKA IZAY VOAHOMBO TAMIN'NY HAZO FIJALIANA KA NITSANGANA TAMIN'NY MATY NO EFA NANOME ANAREO NY TENANY SY NY RANY IZAY NANAVOTANY ANAREO TAMIN'NY FAHOTANA REHETRA, IZY ANIE HAMPAHERY SY HIARO ANAREO AMIN'IZANY AMIN'NY FINOANA MARINA HO FAHASAMBARANA MANDRAKIZAY. HO AMINAREO ANIE NY FIADANANA !
Fiangonana : **AMENA**

**Hira : 266 *(« Ry Jeso Tompo, Hianao »)***
**Vavaka fisaorana sy fangatahana**
**HIRA**
**HAFATRA**
**TSODRANO**

Mpitarika : *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO.*
Fiangonana : ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO.***

Mpitarika : **Tsodrano**
Fiangonana : ***AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !***

**- Hira :**

Mpitarika

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRAMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY. AMENA. MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !

Fiangonana **:** **ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !**

**Feon'orga firavana**

# L I T O R J I A B

**Feon'orga**

**Antoko Mpihira**

## FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA

**Hira**

**Vavaka fihaonana**

***Feon-java-maneno fohy***

## VAVAKA FIFONANA SY FIAIKEN-KELOKA
## FIAIKEN-KELOKA

Mpitarika **: (<u>Vavaka</u>)**

Fiangonana **:**

**"RY RAINAY BE FAMINDRAM-PO Ô, MITALAHO AMINAO IZAHAY ; MAMELÀ NY HELOKAY ;DIOVY IZAHAY HO AFA-PAHOTANA ; SASAO IZAHAY HO AFA-KELOKA ; ARY HAVAOZY NY FANAHINAY MBA HO VONON-KANOMPO ANAO. NY FITIAVAN'I JESOSY KRISTY ZANAKAO MPAMONJY ANAY NO ANGATAHANAY AMINAO". AMENA**

**- Hira** : ***Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !***
***Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !***
***Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !***

Mpitarika **: (<u>Teny famelan-keloka</u>)**

## SITRAPON'ANDRIAMANITRA

<u>*Mpitarika*</u> : Ary satria efa navelan'Andriamanitra heloka isika, dia afaka mandray ny sitrapony tiany hotanterahintsika amin'ny fanarahana Azy. Henoy, ry havana malala, ny teny manambara izany amintsika

<u>*Fiangonana*</u> **: Amena** s : - ! m : d / f : m ! r : d / r : - ! d : - /

FANKALAZANA

**Mpitarika:** *VONINAHITRA ANY AMIN'NY AVO INDRINDRA HO AN'ANDRIAMANITRA*

**Fiangonana :** ***ARY FIADANANA HO ETY AMBONIN'NY TANY AMIN'NY OLONA ANKASITRAHANY.***

*FIANGONANA*: ***FANOLORANA FIADANANA***

- Feon-java – maneno fohy

**SORATRA MASINA**

<u>*Mpitarika*</u> : Efa namela heloka antsika Andriamanitra noho ny fahasoavany. Ankehitriny Izy dia hizara ny teniny amintsika. Noho izany, hanatona Azy amin'ny fifaliana isika handre ny teniny.

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**- Hira :**

Mpitarika : *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO*
Fiangonana : ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO***
Mpitarika : **Vavaka noho ny Teny**

**TESTAMENTA TALOHA**
**EPISTILY :**
**FILAZANTSARA :**
Fiangonana : ***ISAORANA ANIE NY TOMPO NOHO NY FILAZANTSARA !***
**FANEKEM-PINOANA**
Hira :
TORITENY
Feon'orga
**Antoko Mpihira**

**Filazan-draharaha**
RAKITRA
**Hira**
**Hira fanolorana**

***Ry Tompon'ny harena ô,***
Fanatitra an-tsitrapo
***Atolotray Anao izao ;***
***Mba raiso ka tahionao. Amena.***

## FANDRAISANA FANASAN'NY TOMPO

**Hira :**
Mpitarika : HO AMINAREO ANIE NY TOMPO ! AOKA HIZARA NY FIADANANA ISIKA
Fiangonana : **HO AMINAO ANIE NY TOMPO ! ARY HO AMINAO KOA**
**Sursum Corda** *(Mitsangana)*
Mpitarika : ASANDRATO NY FONAREO HO EO AMIN'NY TOMPO
Fiangonana : **ASANDRATRAY NY FONAY HO EO AMIN'NY TOMPO**
Mpitarika : AOKA HO DERAINTSIKA NY TOMPO ANDRIAMANITRA
Fiangonana : **MENDRIKA HO DERAINA IZY**

**Préface** *(Mitsangana)*
mpitarika : ENY TOKOA TOMPO Ô, RAY MASINA, ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, MAHEFA NY ZAVATRA REHETRA, METY SY MAHAVONJY NY ISAORANAY ANAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA SY AMIN'NY TOERANA REHETRA AMIN'NY ALALAN'I JESOA KRISTY TOMPONAY, IZAY TIA ANAY SY NANOLO-TENA HAMONJY ANAY ; AMIN'NY ALALANY KOA NO IDERAN'NY ANJELY NY FIANDRIANANAO SY ITSAOHAN'NY FANAPAHANA SY NY FAHEFANA REHETRA ANAO AMIN'NY TAHOTRA ARY IARAHAN'NY FIANGONANA ANY AN-DANITRA SY ETY AN-TANY MIDERA NY ANARANAO

AMIN'NY FIHOBIANA ARY IZAHAY KOA ANKEHITRINY MIARA-MANANDRATRA NY FEONAY AMINY, KA AMIN'NY FANAJANA LEHIBE NO IDERANAY HOE :

**Hira : Antema 1 ( Sanctus )**

***Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena***

**Vavaka ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse )** *(Mipetraka)*

Mpitarika : RY KRISTIANA MALALA, AOKA ISIKA HAHATSIARO AN'I JESOA KRISTY IZAY MATY NISOLO ANTSIKA SY NITSANGANA HO FANAMARINANA ANTSIKA, DIA FANATI-PIHAVANANA NATOLOTR'ANDRIAMANITRA ANTSIKA, ARY AOKA ISIKA HIARA-MISAOTRA SY HIVAVAKA :

MISAOTRA ANAO IZAHAY ANDRIAMANITRA RAINAY, TOMPON'NY LANITRA SY NY TANY, FA NOHO NY FAMINDRAM-PONAO AMINAY MPANOTA MAHANTRA, DIA NOMENAO NY ZANAKAO LAHY TOKANA, MBA TSY HO VERY IZAY REHETRA MINO AZY FA HANANA FIAINANA MANDRAKIZAY.

**TENY FANORENANA - INSTITUTION –**

*Mpitarika* :

***« JESOA KRISTY TOMPONTSIKA, TAMIN'INY ALINA INY IZAY NAMADIHANA AZY DIA NANDRAY MOFO, ARY REHEFA NISAOTRA IZY DIA NOVAKINY, KA HOY IZY : ITY NO TENAKO HO ANAREO ; IZAO NO ATAOVY HO FAHATSIAROVANA AHY. DIA ARAKA IZANY KOA NY KAPOAKA, REHEFA NIHINANA, DIA HOY IZY : ITY KAPOAKA ITY NOILAY FANEKENA VAOVAO AMIN'NY RAKO ; IZAO NO ATAOVY HO FAHATSIAROVANA AHY, NA OVIANA NA OVIANA NO MISOTRO IANAREO. FA NA OVIANA NA OVIANA IANAREO NO MIHINANA ITONY MOFO ITONY SY MISOTRO AMIN'NY KAPOAKA, DIA MANAMBARA NY FAHAFATESAN'NY TOMPO IANAREO MANDRA-PIHAVINY.»***

**VAVAKA FAHATSIAROVANA -ANAMNESE -** ( mipetraka )

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindramponao aminay mpanota mahantra dia nomenao ny Zanakao Lahitokana mba tsy ho faty izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay. Ankehitriny, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty, ary ny fifonany mandrakizay ho anay. Miandry sy mitalaho ny fiverenany indray izahay.

***Fahanginana***

**VAVAKA FANGATAHANA NY FANAHY MASINA - EPICLÈSE -**

***Mpitarika*** : Ankehitriny Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay, ka handraisanay ny Tomponay amin'ny finoana velona, amin'izao Izy manatona anay amin'ny alalan'izao Fanasana izao. Fa ny Fanahinao Masina no aharianao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra. Ho tsapanay tokoa anie ny fanatrehanao, ka tsy izahay intsony no ho velona fa Ianao no ho velona ao anatinay. Koa ny fiarahanay mandray

amin'ny Tena sy ny Ranao hanalalina ny firaisanay amin'ny Tenanao, dia ny Fiangonana, mandram-pihavin'ny andro hiarahanay misotro sy mihinana izay vaovao rehefa mby ao amin'ny fanjakanao

*Fiangonana* : Ry Jesoa Kristy Tompo ô / izahay izay tonga eto anatrehanao/ hiombona amin'ny latabatrao masina/ dia mangataka mba hampiraisinao Aminao/ tahaka ny sampana amin'ny voaloboka./ Ampianaro hifankantia izahay/ tahaka ny nitiavanao anay / Aoka izahay hiara-manana/ amin'ny fiangonana masina manontolo/ ny fiononana sy fifaliana Aminao/ dia ianao izay miara-manjaka amin'ny Ray/ sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra/ ka ho mandrakizay/ Amen.

**Hira : 117 (Agnus Dei)**

***1 O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***
***Anefa tsy namaly ;***
***Ny helokay nalainao,***
***Ka maty re ny ainao***
***Mba iantrao izahay, ry Jeso !***

***3 O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***
***Anefa tsy namaly ;***
***Ny helokay nalainao,***
***Ka maty re ny ainao***
***Ampiadanonao zahay re !***

Mpitarika
Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe
Fiangonana (***Vavaka nampianarin'ny Tompo***)

**Mpitarika** :
Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika.Ny kapoaky nyfisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika. Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**Fanasana**

**Hira fanatonana :**

**Fandraisana** **- Communion –**

Hoy Jesoa Kristy Tompo : Raiso, hano, ity no tenako. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy.
Hoy Jesoa Kristy Tompo : Sotroinareo rehetra ity, fa ity no rako, dia ny amin'ny Fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny maro ho famelankeloka. Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy.

**TENY FAMPAHEREZANA - EXHORTATION –**

JESOA KRISTY TOMPONTSIKA IZAY VOAHOMBO TAMIN'NY HAZOFIJALIANA KA NITSANGANA TAMIN'NY MATY, NO EFA NANOME HO ANAREO NY TENANY SY NY RANY IZAY NANAVOTANY ANAREO TAMIN'NY FAHOTANA REHETRA. IZY ANIE NO HAMPAHERY SY HIARO ANAREO AMIN'NY FINOANA MARINA HO FIAINANA MANDRAKIZAY. HO AMINAREO ANIE NY FIADANANA.

*FIANGONANA* : AMENA

**Hira (** fiverenana ) 266 na **146**

**Vavaka Fisaorana sy Fangatahana**

## HAFATRA SY TSODRANO

Mpitarika**:** *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO.*

Fiangonana **:** ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO.***

Mpitarika**: Tsodrano**

Fiangonana **:** ***AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !***

**- Hira :**

Mpitarika

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRAMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY. AMENA. MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !

Fiangonana **:** **ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !**

**Feon'orga firavana**

# L I T O R J I A   D

**LITORJIA D FPMA : ANDRIAMANITRA MIALOHA LALANA, MANOLOTRA FAHASOAVANA HO ANAO**

*Toro lalana :*

- *fanazavana*
- *itsanganana daholo na ipetrahana daholo izay famakiana ny Soratra Masina rehetra na rehefa mamaky ny Filazantsara ihany vao mitsangana*

* * * * * * * * * * * 

**Prélude :** Fiantsoan'Andriamanitra ny mino (= qahal), noho izany dia efa eo Andriamanitra : mandritra ny **fidiran'ny mpandray anjara (mitsangana) : lakolosy na/sy feon-java-maneno na/sy hira manambara ny fiantsoan'Andriamanitra ny vahoakany (prélude)**,

a. hira : manambara fa Mpanjaka manatrika sy miantso Andriamanitra,
b. feon-java-maneno :
    - mozika mirehondrehona,
    - mozika mameno ny Fiangonana manontolo,
    - feony « orgue »

## I. FIHAONANA SY FANKALAZANA :

1. Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ! Amen !
2. Fiarahabana apôstôlika
3. Salamo **(na Tenin'Andriamanitra)** fiderana (iaraha-mamaky na ifamaliana) sy hira + vavaka fihaonana (na vavaka fihaonana + hira) (hira : amin'ny isany izay mety) **(mipetraka rehefa vita io)**
4. **Feon-java-maneno fohy** (araka izay mety)

## II. FIFONANA SY FAMELAN-KELOKA ARY FANKALAZANA :

1. **Fahanginana fandinihan-tena** (Mar. 1, 35ss + argument théologique) lazaina mazava
2. Fifonana = Vavaka (+ Ry Rainay be famindram-po) + Ry Andriamanitra Tompo na hira hafa
3. Famelan-keloka sy fihavanana : **(mitsangana)**
    a. ~~Sitrapon'Andriamanitra~~ (tsy atao mba tsy hiverimberina eto sy amin'ny Toriteny)
    b. Variantes :

- litorjia A FPMA : Fikasan'Andriamanitra (Asa. 20, 27) na hira fiantsoana hibebaka : alohan'ny Fifonana,
- litorjia B FPMA : Fikasan'Andriamanitra aorian'ny Famelan-keloka,

4. Fankalazana : « Voninahitra any amin'ny Avo indrindra … »
5. **Fifamelan-keloka** (Efes. 4, 32)
6. Hira fisaorana, fankalazana na fiderana (araka ny faneken'ny mpitandrina, amin'ny isany izay mety) **(mipetraka rehefa vita io)**
7. Fotoanan'ny ankizy

## III. TENIN'ANDRIAMANITRA :

1. Hira (option)
2. « Ho aminareo anie ny Tompo … » (option)
3. Vavaka hampahazava ny Teny
4. Testamenta Taloha sy Epistily **(mipetraka na mitsangana)**[1]
5. Hira (option)
6. Filazantsara **(mipetraka na mitsangana)**
7. Isaorana anie ny Tompo … na Ray masina ô, …
8. Fanekem-pinoana (azo atao ao aorian'ny Toriteny koa)
9. **Hira** (Mitsangana)
10. Toriteny **(mipetraka)**
11. Feon-java-maneno (Fahanginana fandinihan-tena sy fiomanana)
12. Hira AMF **na Sampana hafa**

## IV. FANASAN'NY TOMPO :

1. Fizarana Fiadanana (tsy atao intsony rehefa natao tany aloha tany amin'ny Famelan-keloka)
2. Sursum corda
3. Fanombohana
4. Sanctus
5. Vavaka fahatsiarovana fohy = (Anamnèse) (dont Agnus Dei) + Vavaka fangatahana ny Fanahy Masina fohy (= Epiclèse)[2] (+ Ry Jesosy Kristy Tompo ô …) faranana amin'ny Rainay izay any an-danitra

[1] Vakiteny: Mipetraka TT / Epistily / VM; Mitsangana TT / Epistily / VM ; Mipetraka TT / Epistily / mitsangana (VM)
[2] na FFPM 176 / 1 - 3

6. Hira izarana ny mofo sy ny divay (mifamadika ny 6 sy ny 7 raha fotoan-dehibe maro olona)
7. Fanorenana + Famakiana ny mofo sy fanandratana ny divay + Fandraisana
8. Teny fampaherezana
9. Hira fiverenana sy fanangonana ny kapoaka (+ rakitra raha misy)

## V. ASAN'NY FIANGONANA : (azo ovaina ny ordre)

1. **Tenin'Andriamanitra** (mila mifandefa recueil araka izay ananana)
2. Filazan-draharaha
3. Vavaka fisaorana sy fangatahana
4. Rakitra
5. Fanolorana ny rakitra : hira (Ry Tompon'ny harena na hira hafa) na vavaka

## VI. FAMARANANA :

1. Hafatra
2. Hira farany
3. Tso-drano (arônika na hafa)
4. Fanirahana

Postlude : fivoahan'ny mpandray anjara (na miara-mivavaka aloha)

# L I T O R J I A   D 1

LITORJIA **A na B**

**Feon'orga**

**Antoko Mpihira**

## I - FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA

**Hira**

**Vavaka fihaonana**

**Feon'orga**

## II - SITRAPON'ANDRIAMANITRA

FIAIKEN-KELOKA

Mpitarika **: (<u>Vavaka</u>)**

Fiangonana **:**

**"RY RAINAY BE FAMINDRAM-PO Ô, MITALAHO AMINAO IZAHAY ; MAMELÀ NY HELOKAY ;DIOVY IZAHAY HO AFA-PAHOTANA ; SASAO IZAHAY HO AFA-KELOKA ; ARY HAVAOZY NY FANAHINAY MBA HO VONON-KANOMPO ANAO. NY FITIAVAN'I JESOSY KRISTY ZANAKAO MPAMONJY ANAY NO ANGATAHANAY AMINAO". AMENA**

**- Hira : *Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !***
***Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !***
***Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !***

## III - TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

Mpitarika **: (<u>Teny famelan-keloka</u>)**

Fiangonana **:** ***AMEN***

FANKALAZANA

Mpitarika **:** *VONINAHITRA ANY AMIN'NY AVO INDRINDRA HO AN'ANDRIAMANITRA*

Fiangonana **:** ***ARY FIADANANA HO ETY AMBONIN'NY TANY AMIN'NY OLONA ANKASITRAHANY.***

***FIANGONANA : FANOLORANA FIADANANA***

**Hira**

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**- Hira :**

Mpitarika **:** *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO*

Fiangonana **:** ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO***

Mpitarika **: <u>Vavaka noho ny Teny</u>**

**TESTAMENTA TALOHA**

**EPISTILY :**

**FILAZANTSARA :**

Fiangonana **:** ***ISAORANA ANIE NY TOMPO NOHO NY FILAZANTSARA !***

**FANEKEM-PINOANA**

Hira :

**TORITENY**

**Feon'orga**

**Antoko Mpihira**

## IV - FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

**- Hira :**

Mpitarika**:** HO AMINAREO ANIE NY TOMPO ! AOKA HIZARA NY FIADANANA ISIKA

Fiangonana **:** **- HO AMINAO ANIE NY TOMPO ! ARY HO AMINAO KOA**

**Sursum Corda** *(Mitsangana)*

Mpitarika**:** ASANDRATO NY FONAREO HO EO AMIN'NY TOMPO

Fiangonana **:** **ASANDRATRAY NY FONAY HO EO AMIN'NY TOMPO**

Mpitarika**:** AOKA HO DERAINTSIKA NY TOMPO ANDRIAMANITRA

Fiangonana **:** **MENDRIKA HO DERAINA IZY**

**Préface** *(Mitsangana)*

mpitarika : ENY TOKOA TOMPO Ô, RAY MASINA, ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, MAHEFA NY ZAVATRA REHETRA, METY SY MAHAVONJY NY ISAORANAY ANAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA SY AMIN'NY TOERANA REHETRA AMIN'NY ALALAN'I JESOA KRISTY TOMPONAY, IZAY TIA ANAY SY NANOLO-TENA HAMONJY ANAY ; AMIN'NY ALALANY KOA NO IDERAN'NY ANJELY NY FIANDRIANANAO SY ITSAOHAN'NY FANAPAHANA SY NY FAHEFANA REHETRA ANAO AMIN'NY TAHOTRA ARY IARAHAN'NY FIANGONANA ANY AN-DANITRA SY ETY AN-TANY MIDERA NY ANARANAO AMIN'NY FIHOBIANA ARY IZAHAY KOA ANKEHITRINY MIARA-MANANDRATRA NY FEONAY AMINY, KA AMIN'NY FANAJANA LEHIBE NO IDERANAY HOE :

**Hira : Antema 1 ( Sanctus )**

***Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena***

**Vavaka ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse )** *(Mipetraka)*

Mpitarika : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

Fiangonana: **Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amimboninahitra.**

Mpitarika : Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra o, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

Fiangonana :**Amena, avia Jesoa Tompo !**

**Mpitarika** : Ankehitriny, Ray o, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

Fiangonana : **Amena, avia Fanahy Masina !**

**Mpitarika** : Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Fiangonana : **Amena !**

## V - <u>TENY FANORENANA SY FANAMASINANA</u>

(Mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa Nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy : « Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. » Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy :



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

« Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »
Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

**- Hira : 117 (<u>Agnus Dei</u>)**

***1 O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***
***Anefa tsy namaly ;***
***Ny helokay nalainao,***
***Ka maty re ny ainao***
***Mba iantrao izahay, ry Jeso !***

***3 O, ry Zanak'ondry,***
***He ! Hianao nijaly ;***
***Ory, voahombo,***
***Anefa tsy namaly ;***
***Ny helokay nalainao,***
***Ka maty re ny ainao***
***Ampiadanonao zahay re !***

Mpitarika
Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe
Fiangonana (***Vavaka nampianarin'ny Tompo***)

**Mpitarika** :
Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika. Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika. Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavoatra avokoa ny zavatra rehetra !

**<u>Fandraisana</u>:**

## VI - <u>TENY FAMPAHEREZANA (mitsangana)</u>

Mpitarika : Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !
Fiangonana : **Amena**

**Hira : 266 *(« Ry Jeso Tompo, Hianao »)***

**Filazan-draharaha**

## VII - RAKITRA

**Hira**

**Hira fanolorana**

Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao. Amena.

## VIII - VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

**HIRA**

## IX - HAFATRA SY TSODRANO

Mpitarika : *HO AMINAREO ANIE NY TOMPO.*
Fiangonana : ***ARY HO AMIN'NY FANAHINAO.***

Mpitarika : **Tsodrano**
Fiangonana : ***AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !***

**- Hira :**

Mpitarika
VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA RAY SY ZANAKA ARY FANAHY MASINA IZAY HATRAMIN'NY TALOHA INDRINDRA KA HO MANDRAKIZAY. AMENA. MANDEHANA AMIN'NY FIADANANA, KA MANOMPOA NY TOMPO !
Fiangonana : **ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !**

**Feon'orga firavana**

# L I T O R J I A  B A T I S A  s y  M P A N D R A Y

## LITORJIA BATISAN-JAZA (endriny 1)

(*LITURGIE DU BAPTEME DES ENFANTS)*

**Hira** :

FANORENANA SY FITARIHANA

*Tafavory eto an-tranon'Andriamanitra isika mba ho vavolombelon'ny fanoloran'ireto ray aman-dreny ireto ny zanany ho an'Andriamanitra Raintsika, amin'ny alalan'ny Sakramentan'ny Batisa. Am-pifaliana mandrakariva no andraisantsika Fiangonana ny namantsika manavao ny fanoloran-tenany sy manolotra ny zanany ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra.*

*Henoy àry ny tenin'i Jesoa Tompo anorenan'ny Fiangonana ny fanatanterahana ity Sakramenta ity :*

« Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany ; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao Batisa azy ho amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina sady mampianatra azy izay rehetra nandidiako anareo ; ary indro Izaho momba anareo mandrakariva mandra-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. »

Tout pouvoir m'a été donné au ciel et sur la terre. Allez donc : de toutes les nations faites des disciples, les baptisant au nom du Père et du Fils et du Sait Esprit, leur apprenant à garder tout ce que je vous ai prescrit. Et moi, je suis avec vous tous les jours jusqu'à la fin des temps.
*( Matthieu 28. 18-20 )*

*Inoantsika fa manatrika antsika Jesoa Kristy, ka Izy no miantoka sy mahatantanteraka izao fanaovam-batisa nanafarany antsika izao. Aoka mbola henointsika ny tenin'ny Soratra Masina manazava izao fanaovam-batisa izao.*

**« Mibebaha ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesoa Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo, ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina ; fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitra hanatona Azy ».**

**« Fa ianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Fa na iza na iza no natao batisa ho an'i Kristy, dia nitafy an'i Kristy. Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy ; fa iray ihany ianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesoa».**

**FANEKEM-PINOANA**

**"Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha Mpanao ny lanitra sy ny tany aho.**

**Ary mino an'i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana Tompontsika / Izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina / nanterak'i Maria Virijina / nijaly raha nanapaka Pontio Pilato / nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, / maty ka nalevina, nidina tany amin'ny fiainan-tsi-**

**hita / nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo / niakatra ho any an-danitra, / mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha / avy any no hiavian'ny hitsara ny velona sy ny maty / Mino ny Fanahy Masina, ny Fiangonana masina / manerana izao tontolo izao / ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka / ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amena"**

### FANEKENA

*Noho izany àry, ry ray aman-dreny niteraka sy mpiantoka ny zaza, misy fanekena hataonareo eto anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana.*

1.0 Manolotra tokoa ity zaza ity ho an'Andriamanitra amin'izany finoantsika izany fa ianareo?

1. Moa manolotra tokoa ity (ireto) zaza ity (ireto) ho an'Andriamanitra Raintsika va ianareo ?
2. Ekenareo va ny hijoro amin'ny teny na amin'ny asa ho mpanompon'Andriamanitra mahatoky mba hahatonga anareo ho fianarana ho an'ity (ireto) zaza ity (ireto) amin'ny androm-piainany rehetra ?

3. Ekenareo va ny hanatanterahan'ny Fiangonana amin'ity (ireto) zaza ity (ireto) ny fitaizana Kristiana araka ny Filazantsara tokony hatao aminy mba hitomboany ho amin'ny fahalalana izao fahasoavan-dehibe noraisiny izao, sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo hahazoany hery handavany ny asan'i Satana rehetra ?

4. Ekenareo ve ny hivavaka ho azy sy hampianatra azy hivavaka ary hampiditra azy ho mpianatra Sekoly Alahady ianareo raha vao afaka hanaraka izany izy ?

*****************************************************************************

Efa ren'Andriamanitra ny fanekenareo. Matokia Azy ; hanampy anareo tokoa amin'ny andraikitrareo Izy. *«Ampy ho anao ny fahasoavako, hoy ny Tompo. Fa ny heriko, tanterahiko amin'ny fahalemena ».*

### VAVAKA

*Isika Fiangonana dia tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny zaza rehetra raisintsika. Koa hitsangana isika hivavaka ary tsy hipetraka raha tsy efa vita izao fanaovam-batisa izao.*

Ry Jesoa Tompo ô, ary mandray ity zaza ity amin'ny anaranao izahay ankehitriny amin'ny alalan'izao batisa izao. Iraho ny Fanahinao Masina hahatonga ity zaza ity ho voaray mandrakizay ao amin'ny Fanekenao. Rano mamelombelona ny aina, manadio ny loton'ny nofo, mba ho mariky ny fanadiovanao ho afaka amin'ny fahotana, sy hampiboiboika ao ampo ny ranon'aina ho amin'ny fiainana mandrakizay anie izany. Fony tao Nazareta Ianao, dia niaina tao amin'ny tokantrano sambatra sy mpivavaka. Tahio ity zaza ity mba ho toa Anao,



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

ary mitariha lalana azy mandra-pahatongan'ny andro handraisany ho an'ny tenany ny fanekena nataon'ny ray aman-dreniny sy ny mpiantoka azy tamin'izao fanaovam-batsia azy izao. Ampitafio ny Zanakao izy, Ray ô, ary ampiraiso endrika amin'i Jesoa noho ny asan'ny Fanahy Masina mitarika azy isan'andro isan'andro ho amin'ny voninahitrao mandrakizay.
Amena.

### FANAOVAM-BATISA

**Ra....... manao batisa anao aho, amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina** ( *atete intelo mifandimby eo an-dohany ny rano*). **Manolotra anao ho amin'ny fitahiam-pahasoavana ao amin'ny Tompo aho.**

**Raiso ity zaza ity ka tezao izy ho an'Andriamanitra Raintsika** ( *atolotra ny ray aman-dreny sy ny mpiantoka ny zaza*).

**Teny fampaherezana ho an'ny Ray aman-dreny sy mpiantoka ny zaza**

Ry ray aman-dreny niteraka sy mpiantoka ny zaza, ny batisa dia marika ivelany manambara ny fitiavan'Andriamanitra, sady manamarika koa ny fidiran'ity zaza ity ao anatin'ny fiombonana Kristiana. Tsarovy fa manana ny toerana sahaza azy mandrakariva ato anatin'ny fiangonana ity zaza ity.

**Teny ho an'ny fiangonana**

Ho antsika fiangonana koa, aoka isika hahatsiaro fa samy mitoetra sy miaina amin'ny fahasoavan'ny Tompo. Mifankatia sy mifampahery isika noho ny Batisa. Aoka ho raisintsika ato anatin'ny fiombonantsika feno fifankatiavana ity zaza ity, ary aoka isika samy hivavaka mba hahatonga ity zaza ity hitombo amin'ny fahafenoan'ny fahalalàna an'Andriamanitra.

## TSODRANO

Raiso ho an'ny zaza sy ho anareo rehetra ny tsodranon'Andriamanitra*:*

***Aza matahotra, hoy ny Tompo, fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao.***

***Ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra anie hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'I Kristy Jesoa Tompo sy Mpanavotra anareo. Ho Azy irery ihany ny voninahitra mandrakizay mandrakizay.***

***Mandehana amin'ny fiadanana sy amin'ny fifalian'ny Tompontsika !***

** Eo amin'ny dinika ifanaovana amin'ny ray aman-dreny mialoha ny batisa (entretien pastoral ) dia tsara hazavaina mialoha ireto :

1. Ny Sakramenta sy ny heviny eo amin'ny Fiangonana Kristiana.
2. Ny hevitry ny Batisa :

Manambara fahafatesana miaraka amin'i Kristy

Manambara fitsanganana miaraka amin'i Kristy

Fidirana ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny Fiangonana.

3. Ny anekentsika ny Batisan'ny zaza ka hamafisina tsara ny hevitra sy ny lanjan'ny Fanekena hataon'ny ray aman-dreny.

## LITORJIA BATISAN-JAZA (version 2)

*[Miorina amin'ny fanekem-pahasoavana (alliance de grâce) ka misy fanekena ataon'ny Fiangonana, fanekena ataon'ny Ray aman-dreny sy ny mpiantoka ary ny fianakaviana manatrika izay efa nanao dinika mialoha niaraka tamin'ny mpitandrina na olona notendrena hanao izany ary fanavaozana ny fanekena ataon'ny mpino rehetra manatrika (renouvellement de l'engagement du baptême]*

**Hira:**

**FANORENANA SY FITARIHANA**

Tafavory eto an-tranon'Andriamanitra isika mba ho vavolombelon'ny fanoloran'ireto ray aman-dreny ireto ny zanany ho an'Andriamanitra Raintsika, amin'ny alalan'ny Sakramentan'ny Batisa. Am-pifaliana mandrakariva no andraisantsika Fiangonana ny namantsika manavao ny fanoloran-tenany sy manolotra ny zanany ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra.

Henoy àry ny Soratra Masina anorenan'ny Fiangonana ny fanatanterahana ity Sakramenta ity :

**FANEKEM-PAHASOAVANA:**

*« Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama: Fa ny aminao kosa, dia hitandrina ny fanekeko ianao, dia ianao sy ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby. Ary izao no fanekeko ho amiko sy ho aminareo sy ny taranakao mandimby anao, dia izay hotandremanareo: hoforana ny lehilahy rehetra eo aminareo. Dia hoforana ianareo; ary ho famantarana ny fanekena ho amiko sy ho aminareo izany". (Gen.17.9-11)*

*«Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany ; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao Batisa azy ho amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina sady mampianatra azy izay rehetra nandidiako anareo ; ary indro Izaho momba anareo mandrakariva mandra-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. » **(Matio 28: 18-20)***

*« Mibebaha ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesoa Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo, ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina ; fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitra hanatona Azy ». **(Asa.2: 38-39)***

*« Fa ianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Fa na iza na iza no natao batisa ho an'i Kristy, dia nitafy an'i Kristy. Tsy misy intsony na*

*Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy ; fa iray ihany ianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesoa».* ***(Gal 3: 26 - 28)***

## FANEKENA ATAON'NY FIANGONANA:

1. Ekenareo ve ny handray (ity)ireto zaza (ity)ireto ho isan'ny Fiangonana'A/tra? ENY TOMPOKO
2. Ekenareo ve ny hivavaka ho an'ireto zaza ireto sy ny RR ary hitaona sy hamporisika azy (ireo) hiditra ho mpianatra Sekoly Alahady raha vao afaka hanaraka izany izy ?
3. Ekenareo Fiangonana ve ny handray an-tànana ny fitaizana ireto izaza ireto raha sanatria misy fahasamponana eo amin'ny RR? ENY TOMPOKO

## FANEKENA ATAON'NY RAY AMAN-DRENY:

1. Moa manolotra tokoa (ito/ireto) zaza (ito/ireto) ho an'Andriamanitra Raintsika ve ianareo ? ENY TOMPOKO
2. Ekenareo va ny hiaina sy hivelona ny Filazantsara amin'ny teny sy amin'ny asa, amin'ny miafina na miharihary ary ho fitaratra ho an'ny zaza ahitany ny hatsaran'A/tra eo amin'ny fiainanareo ? ENY TOMPOKO
3. Ekenareo va ny hanatanterahan'ny Fiangonana amin'(ito/ireto) zaza (ito/ireto) ny fitaizana Kristiana araka ny Filazantsara tokony hatao aminy / mba hitomboany ho amin'ny fahalalana izao fahasoavan-dehibe noraisiny izao /sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo hahazoany hery handavany ny asan'i Satana rehetra ? ENYTOMPOKO
4. Ekenareo ve ny hivavaka ho azy sy hampianatra azy hivavaka ary hampiditra azy ho mpianatra Sekoly Alahady ianareo raha vao afaka hanaraka izany izy ? ENY TOMPOKO
5. Ekenareo va ny hampianatra azy ny anton'izao fanaovam-batisa izao, ary hanao izay hahatonga azy ho mpandray ny Fanasan'ny Tompo? ENY TOMPOKO

## FANEKEM-PINOANA HO AMIN'NY FANAVAOZANA NY FANEKENA :

Efa ren'Andriamanitra ny fanekenareo. Matokia Azy ; hanampy anareo tokoa amin'ny andraikitrareo Izy. *«Ampy ho anao ny fahasoavako, hoy ny Tompo. Fa ny heriko, tanterahiko amin'ny fahalemena ».*

## VAVAKA :

**A**velao ny zaza hanatona Ahy ary aza raràna fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. Lazaiko anareo marina dia marina tokoa fa na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory.

**T**eninao izany, ry Jesoa Tompo ô, ary mandray ireto zaza ireto amin'ny anaranao izahay ankehitriny amin'ny alalan'izao batisa izao. Iraho ny Fanahinao Masina hahatonga ireto zaza ireto ho voaray mandrakizay ao amin'ny Fanekenao.
**R**ano mamelombelona ny aina, manadio ny loton'ny nofo, mba ho mariky ny fanadiovanao ho afaka amin'ny fahotana, sy hampiboiboika ao am-po ny ranon'aina ho amin'ny fiainana mandrakizay anie izany.
**F**ony tao Nazareta Ianao, dia niaina tao amin'ny tokantrano sambatra sy mpivavaka. Tahio ireto zaza ireto mba ho toa Anao, ary mitariha lalana azy mandra-pahatongan'ny andro handraisany ho an'ny tenany ny fanekena nataon'ny ray aman-dreniny sy ny mpiantoka azy tamin'izao fanaovam-batsia azy izao.
**A**mpitafio ny Zanakao izy ireo, Ray ô, ary ampiraiso endrika amin'i Jesoa noho ny asan'ny Fanahy Masina mitarika azy ireo isan'andro isan'andro ho amin'ny voninahitrao mandrakizay.
Amena.

## FANAOVAM-BATISA

Ra.... manao batisa anao aho, amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina
*Manolotra anao ho amin'ny fitahiam-pahasoavana ao amin'ny Tompo aho. Raiso ity zaza ity ka tezao izy ho an'Andriamanitra Raintsika*

## TSODRANO

Raiso ho an'ny zaza sy ho anareo rehetra ny tsodranon'Andriamanitra*:*
*Aza matahotra, hoy ny Tompo, fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao.*

*Ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra anie hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'I Kristy Jesoa Tompo sy Mpanavotra anareo.*
*Ho Azy irery ihany ny voninahitra mandrakizay mandrakizay.*

*Mandehana amin'ny fiadanana sy amin'ny fifalian'ny Tompontsika !*

## RAKITRA:
## HIRA

## LITORJIA FANDRAISANA KATEKOMENA

HO MPANDRAY NY FANASAN'NY TOMPO

( *LITURGIE DE LA CONFIRMATION DU BAPTEME* )

*******************************

**Hira** : 298/1 ( *Aina no fetra ry Tompo Mpanjaka*)

( *manatona mankeo anoloan'ny alitara ny Katekomena horaisina )*

**FITARIHANA**

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitondrany ny Fiangonana, dia fifaliana ho antsika anio ny handray ireo olom-bonjena anampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ny Fiangonany.

Vavolombelon'ny faneken'ireto olona ireto ny antso sy ny fitiavan'ny Tompo àry isika, ary miombona amin'ny fahatsiarovana hanavao indray koa ny efa niantsoana sy nandraisana antsika tsirairay avy, ka nanaovantsika ny fanekena tsara teo imason'ny Fiangonana. Aoka àry isika hampiray ny fontsika sy ny fivavahantsika amin'izy ireo eo amin'ny handraisana azy mba ho isan'ny tenan'i Kristy miara-mandray amintsika amin'ny Fanasana Masina. Efa nampianarina ny foto-pinoana Kristiana araka ny Soratra Masina izy ireo, ary manatanteraka ny fanekena natao tamin'ny Batisa.

*Chers Frères et sœurs, par la grâce de Dieu, nous accueillons aujourd'hui dans la joie ces personnes que Dieu rajoute chaque jour aux membres de son Église. Nous sommes témoins de l'engagement de ces personnes à répondre à l'appel et à la manifestation de l'amour de Dieu. C'est aussi une occasion pour nous de nous rappeler et de renouveler en nous-mêmes l'engagement de venir à Dieu et le servir, engagement que nous avons pris devant notre Seigneur et devant l'assemblée chrétienne. Que nous soyons donc unis à ces frères et sœurs, dans nos cœurs et dans nos prières, en ce jour où ils vont pour la première fois se joindre à nous dans la Sainte Cène.*

Aoka hiara-mivavaka isika :

Ry Ray mandrakizay ô ! Misaotra Anao amin'ny fonay manontolo izahay. Sitrakao mantsy ny nanome toky anay fa ny teny fikasana momba ny famonjena dia ho anay sy ny zanakay ary ho an'izay rehetra lavitra na iza na iza antsoin'ny fitiavana hanatona Anao. Andriamanitra Tsara sy Mahatoky ô ! Nino ny fanambaranao izahay. Teo amin'ny batisa dia nanokana ny zanakay ho Anao izahay, ka nangataka ny hirotsahan'ny fahasoavanao aminy. Nampianarinay ny Filazantsaranao izy, ary niezaka izahay, na dia malemy aza, mba hitarika azy ho amin'ny fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao Izay Andriamanitra Tokana sady marina sy Jesoa Kristy Izay efa nirahinao.

Ankehitriny, rehefa nandre ny antsonao izy ireo, ka afaka nifidy an-kalalahana ny làlana hizorany, dia indro tonga eto anatrehanao mba hanambara ny finoany. Ry Tompo ô, mba henoy re ny vavaka rehetra miakatra eo Aminao ho Azy ireo ; raiso koa izahay rehetra anio ho amin'ny firaisana masina Aminao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanakao no angatahanay izany. Ho Azy anie, ary ho Anao Ray any an-danitra sy ho an'ny Fanahy Masina, ny dera sy ny laza ary ny voninahitra mandrakizay.

**Soratra Masina**.

Hoy ny Tompo : «  Izaho no Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Raha misy olona ta hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany ka hitondra ny hazofijaliana ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy ; ary na iza na iza hahavery ny ainy noho ny Amiko, dia hahazo izany. Fa inona moa no soa azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy ? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy ? Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko. Ary amin'izany, na zovy na zovy no hanauiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra. Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra ».

**FANEKENA**

*Mangataka anareo àry izahay, ry havana malala, mba hamaly ny fanontaniana sy fanekena ilain'ny Fiangonana amin'izay rehetra te-ho anisany.*

1. Ianareo va mino an'Andriamanitra Mpahary antsika sady Raintsika any an-danitra, Izay tia antsika ka nanome an'i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana Izay maty sy nitsangana tamin'ny maty ho famonjena antsika ?

*Croyez-vous en Dieu Notre Père et notre Créateur qui nous aime et qui nous as donné son Fils unique, Jésus Christ qui est mort et ressuscité des morts pour nous sauver ?*

2. Mino an'i Jesoa Kristy Zanany, Izay manome famelan-keloka sy fiainana mandrakizay ho an'ny mpanota mibebaka ka manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy va ianareo ?

*Croyez-vous en Jésus Christ qui nous accorde la remission de nos péchés et offre la vie éternelle aux pécheurs qui se repentent, et confessez-vous Jésus Christ comme votre Seigneur et votre Sauveur ?*

3. Moa ianareo va manaiky ho an'ny tenanareo ny faneken'ny Batisa, izay nandraisanareo ny fanomezan'ny Fanahy Masina, mba hizoranareo amin'ny lalan'ny fiainana kristiana, ka ho tia an'Andriamanitra sy hankato ny sitrapony ary hahatsiaro fa ny vavaka sy ny famakiana

ny Baiboly ary ny famonjena ny fanompoam-pivavahana sy ny Fanasana Masina no adidy sady tombontsoan'ny mino ?

*Confirmez-vous pour vous-mêmes les engagements pris lors du baptême où vous avez reçu le Saint Esprit. Acceptez-vous de suivre la voie de la vie chrétienne, et vous engager dès lors à aimer Dieu, à se conformer à sa volonté et reconnaître que la prière, la lecture de la Bible, l'assistance régulière aux cultes ainsi que communier à la Sainte Cène, sont les devoirs et les privilèges des croyants ?*

Manaiky hanaja ny fahamasinana sy ny firaisan'ny Fiangonana va ianareo ka tsy hanaiky ho taomina ho fitaovam-pankorontanana, fa hanaja ny hevitra tapaky ny fivorian'ny Mpandray izay mikendry ny hahasoa ny fiombonana masina ?

*Acceptez-vous de respecter l'unité et la sainteté de l'Église et, par conséquent vous refuserez de vous joindre à tout acte qui semerait la discorde au sein de la communauté. Acceptez-vous de respecter et de vous soumettre aux décisions prises par l'assemblée des membres communiants qui cherchent à confirmer la sainte communion des fidèles ?*

**FANAOVANA FANEKENA**

*Mandroso tsirairay mankeo anoloana ny Katekomena horaisina ary* manambara andinin'ny Soratra Masina iray, na tapa-teny ao amin'ny Soratra Masina izay nofidiany manokana ho entiny manambara ny finoany. *Rehefa izany dia* mandray tanana azy ny pasteur sady miteny aminy hoe :

Noho ny fanekena nataonao R.... dia amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina no itsofanay rano sy andraisanay anao ho isan'ny momba ny tenan'I Kristy, ka anasanay anao handray anjara miaraka aminay amin'ny Fanasan'ny Tompo. Andriamanitra Ray Tsitoha, Izay niantso anao hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga, no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anao. Mitsangàna ary mahereza fa momba anao ny Tompo! Amena.

*Au nom du Père et du Fils et du Saint Esprit, nous te benissons X... et nous t'accueillons comme membre du corps du Christ qu'est l'Église. Et nous t'invitons à venir partager avec nous la Sainte Cène. Dieu Tout Puissant qui t'a appelé à sortir des ténèbres pour entrer dans sa grâce merveilleuse, te gardera et t'affermira !*

*Mandohalika miaraka ny Katekomena ary mametra-tanana aminy sy manome ny Tsodrano ho azy ny Pasteur.*

Tano mafy izay anananao mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. Dia mitomboa amin'ny fahatsarana rehetra ho voninahitr'Andriamanitra Raintsika? Ho aminareo anie ny Tompo!

*Soyez fidèles jusqu'à la mort afin que personne ne puisse vous ôter la couronne de vie. Progressez dans toutes les bontés pour la gloire de Dieu notre Père. Que le Seigneur vous bénisse ! Lèvez-vous et soyez forts car le Seigneur est avec vous !*
*Amen.* *( mitsangana ny Katekomena aorian'ny Amena)*

**Hiran'ny Katekomena vao noraisina**

*Mpitarika :* Mahereza amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezana. Mandehana amin'ny fifalian'ny Tomponareo. (*Soyez forts et affermis. Allez en paix dans la joie de notre Seigneur.)*
*(midina mamonjy ny toerany amin'izay ireo Katekomena)*



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# F A N O K A N A N A   D I A K O N A
# s y
# M P I A N D R A I K I T R A
# S A M P A N A

## FANOKANANA DIAKONA

Hira fiomanana : 301/1,2,5 ( He sahanao, Mpamonjy ô)

Ry havana malala,

Izao isika dia handroso amin'ny fanokanana ireo olona nitokian'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo eto amin'ny Tafo FPMA__________, ka nofidiany hanao ny asan'ny Diakona eto amin'ity Fiangonana ity mandritra ny roa taona.

**FANORENANA**

Zava-dehibe hatramin'ny andron'ny Fiangonana teo amin'ny Zanak'Israely ny fanendrena olona ho naman'ny Mpitarika teo amin'ny fitondrana ny vahoakan'Andriamanitra.

Fa hoy Jehovah tamin'i Mosesy : *« Manangona fitopolo lahy amin'ny loholon'Israely ho ety amiko, ary ento miaraka aminao ho ao amin'ny tranolay fihaonana izy. Ary hiara-mitondra ity firenena ity aminao ireo, fa tsy ianao irery intsony no hitondra azy.»* (Nomery 11, 16-17)

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia torak'izany ihany koa no nanendrena Diakona.

Fa hoy ny Apostoly tamin'ny Fiangonana tao Jerosalema : *« Tsy mety raha mandao ny Tenin'Andriamanitra hitandrina latabatra izahay. Koa amin'izany, ry rahalahy, mizahà fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy sy fahendrena, mba hotendrenay hitandrina izany raharaha izany. Fa izahay kosa haharitra amin'ny fivavahana sy ny fampianarana. »* (Asan'ny Apostoly 6, 2-4)

Ary hoy ny apostoly Paoly tamin'i Titosy momba ny Loholona (ny Mpitandrina izany):

*« Izao no namelako anao tany Kreta, dia ny handaminanao izay mbola tsy tanteraka sy hanendrenao loholona amin'ny isan-tanàna, araka izay nandidiako anao, raha misy tsy manan-tsiny, dia lehilahy manambady tokana, manana zanaka izay tsy mba ampangaina ho mpanaram-po amin'ny ratsy na ho maditra » (Titosy 1, 5-6).*

Ary hoy koa izy tamin'i Timoty momba ny Diakona : *« Ny Diakona koa toy izany ihany, ho maotina, tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto, mitandrina tsara ny zava-miafina ny amin'ny finoana amin'ny fieritreretana madio. Ny vehivavy koa ho toy izany ihany : maotina, tsy mpanendrikendrika,mahonon-tena, mahatoky amin'ny zavatra rehetra.»* (1 Timoty 3, 8,9,11)

Koa ianareo, ry rahalahy sy anabavy malala, tsarovy mandrakariva ny halehiben'ny andraikitra atolotra anareo. Atokany tokoa ny tenanareo ho amin'izao fanompoana izao. Aoka ny fahatsiarovana amin'Andriamanitra, Tompon'ny Fiangonana no hany hanapaka anareo.



**Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.**

**Hira : 283 / 1 sy 5 (manan-jara ry Jesosy)**

## FANEKENA ATAON'NY DIAKONA

Mangataka anareo àry izahay, ry rahalahy sy anabavy, mba hanao ny fanekena masina ilain'ny Fiangonana amin'izay rehetra ho Diakona ao aminy.

Miara-manonona ireto Fanekena fito ireto ireo Diakona hatokana sy horaisin-tanana : Eto anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana, dia manaiky aho fa :

- ***Hazoto hivavaka sy hamaky ary hianatra ny Soratra Masina. Hizara sy hampiasa izany koa amin'ny hafa.***
- ***Ho naman'ny mpitandrina, ka hiara-miasa aminy amin'ny fahazotoana, eo amin'ny fiandrasana ny ondrin'Andriamanitra sy ny fiarovana ny foto-pinoana FPMA toy ny batisa tokana sy ny fanekem-pahasoavana.***
- ***Hitandrina tsara ny filaminan'ny fanompoam-pivavahana eo am-piangonana sady hamonjy ny fivoriana rehetra, araka izay farany azoko atao.***
- ***Hanaja sy handefitra amin'izay hevitra tapaky ny maro, sady hiaro lalandava ny firaisan'ny Fiangonana tsy ho simba.***
- ***Hanao izay azoko atao amin'ny fandavorarian'ny fiangonana ny adidiny rehetra ara-bola.***
- ***Hitaiza ny kristiana hanao ho vaindohan-draharaha ny asa iombonana amin'ny synoda sy ny fampielezana ny filazantsara any ivelany.***
- ***Hitandrina ny ankohonako hazoto amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, mba tsy ho ny tenako ihany no ho marika halain'ny fiangonana tahaka, fa izy ireo koa.***

***Ary ny herin'Andriamantra no iankinako hahatanterahako izany rehetra izany.***

**FANOKANANA**

Aorian'ny fanaovana ny Fanekena dia mifandimby mandohalika eo anoloan'ny alitara ireo vao hatokana mihitsy. Mametra-tanana aminy tsirairay avy araka ny filaharana efa voalamina mialoha ny mpitarika ny fanokanana sady miteny hoe :

R_________ , noho izany fanekena nataonao teo izany, amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, dia manokana anao izahay mba ho Diakona amin'ity Fiangonana ity. Mitsangàna ary mahereza sy mahatanjaha ! Ho aminao anie ny Tompo. Amena.

*[Rehefa vita ny fanokanana ireo vao hatokana, dia ireo Diakona efa voatokana tany aloha indray no mifandimby mijoro eo anoloan'ny alitara ary raisin'ny mpitarika ny fanokanana tanana tsirairay avy sady itenenany hoe :]*

R________ , noho ny fanekena nataonao teo izany, dia mandray anao indray izahay mba ho Diakona eto amin'ity Fiangonana ity, amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Mahereza sy mahatanjaha ! Ho aminao anie ny Tompo. Amena.

**VAVAKA FANOKANANA**

*Andriamanitra Tompo, Rain'ny fahasoavana rehetra ô ! Efa niantso sy nifidy mpanompo samy hafa hanana anjara amin'ny fanompoana ao amin'ny Fiangonana Ianao.*

*Namaly ny antsonao ireto havanay ireto, voafidy sy voatokana ankehitriny ho amin'ny anankiray amin'ireny asa fanompoana ireny, araka ny fanomezam-pahasoavana nomenao azy tsirairay avy.*

*Vao avy nanao teo anatrehanao sy ny Fiangonana ny Fanekeny hanao ny asanao izy ireo, koa tsinjovy amin'ny famindramponao. Tehirizo ho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina izy ireo mba ho mpiasa mahatoky sy marina eo anatrehanao.*

*Fenoy ny fahamarinan'ny Teninao izy ; omeo fitondrantena madio mba hanompoany marina Anao amin'izao raharaha izao, na amin'ny teny na amin'ny atao, mba hanome voninahitra ny Anaranao, ary ho fampandrosoana ny Fiangonanao.*

Aoka izy ireo mba hitafy fahamaotinana sy fanetren-tena ka hazoto tokoa amin'ny fanompoana, sady hanaiky amin'ny fankasitrahana ny fananarana rehetra araka ny Fanahy. Mangataka Aminao izahay mba hananany mandrakariva fieritreretana tsara sy faharetana mafy ao amin'i Jesoa Kristy, ka hitondra tsara izao fanompoana nifidianana sy niantsoanao azy izao.

## FAMETRAHANA MPIANDRAIKITRA SAMPANA

**FANORENANA ARAKA NY SORATRA MASINA**

Zava-dehibe hatramin'ny andron'ny Fiangonana teo amin'ny Zanak'Israely ny fanendrena olona ho naman'ny Mpitarika teo amin'ny fitondrana ny vahoakan'Andriamanitra.

Fa hoy ny Tompo tamin'i Mosesy : *« Manangona fitopolo lahy amin'ny loholon'Israely ho ety amiko, ary ento miaraka aminao ho ao amin'ny tranolay fihaonana izy. Ary hiara-mitondra ity firenena ity aminao ireo, fa tsy ianao irery intsony no hitondra azy.»* (Nomery 11, 16-17)

Hoy ihany koa Jesoa tamin'ny mpianany: *« Tomoera ao Amiko ary Izaho ao aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy mitoetra amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy mitoetra ao Amiko. Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona. » (Jaona 15:4-5)*

**Hira : 283 / 1 sy 5 (manan-jara ry Jesosy)**

### FANEKENA

Mangataka anareo àry izahay, ry rahalahy sy anabavy, mba hanao ny fanekena masina ilain'ny Fiangonana amin'izay rehetra ho mpiandraikitra ao aminy.
Miara-manonona ireto Fanekena Rantsana dimy (5) ireo Filohan'ny Sampana ho raisin-tanana :



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

## FANEKENA ATAON’NY FILOHAN’NY SAMPANA

*ENGAGEMENT DU (DE LA) PRESIDENT(E) DE SECTION*

FANEKENA RANTSANA DIMY [ENGAGEMENT EN 5 BRANCHES]

« *Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy dia mamoa be izy ...* » *(Jaona 15, 5 ab).*

*« Je suis le cep, vous êtes les sarments. Celui qui demeure en Moi et en qui Je demeure porte beaucoup de fruit … » (Jean 15, 5ab).*

------------------------

Izaho, ..., dia manaiky fa : (Moi, …, je m’engage à :)

1. Hazoto hivavaka, hamaky sy hianatra ary handalina ny Soratra Masina ary koa hitaona sy hamporisika ny ankohonako sy ireo mpikambana iandraiketako mba hanao toy izany koa.

1/ mener une vie de prière, lire, apprendre et approfondir les Saintes Ecritures et également encourager et exhorter les membres que j’encadre à faire de même.

2. Hitarika sy hanabe ny mpikambana ao amin'ny Sampana ka ho fitaratra (modely) ho azy ireo na amin'ny fiteny na amin'ny asa, na eo anivon'ny Fiangonana na any amin'ny fiaraha-monina.

2/ Conduire et éduquer les membres de ma section et être un modèle pour eux, tant en paroles qu’en actes, tant au sein de la Paroisse que dans la société.

3. Hazoto hanatrika fiofanana, lasy sy ireo fivoriana aroson'ny Fiangonana ary hanaja izay hevitra tapaka ka hitaona ny mpikambana iandraiketako hanatanteraka izany.

3/ participer aux formations, retraites et réunions organisées par la Paroisse et à respecter les décisions prises, et aussi à encourager les membres que j'encadre à accomplir leur réalisation.

4. Ho mpiombona tanteraka amin’ny Kômity eo amin’ny fitantanana ny Fiangonana amin’ny maha-mpitondra tenin’ny Sampana ahy eo anivon’ny Kômity ary ny maha-mpitondra tenin’ny Kômity ahy eo anivon’ny Sampana.

4/ Etre partie prenante à l’administration de l’Eglise en tant que porte-parole de ma section au sein du Comité Paroissial et porte-parole du Comité Paroissial au sein de ma section.

5. Hitandro sy hiaro toy ny anakandriamaso ny firaisan'ny Fiangonana amin’ny fanajana ny foto-pinoany ary hanefa sy hitaona ny mpikambana hanatanteraka ny adidy rehetra eo amin'ny Fiangonana.

5/ Préserver et défendre comme la prunelle de mes yeux l’unité de l’Eglise dans sa profession de foi et à réaliser mes obligations et à exhorter les membres à accomplir toutes les obligations.

Ny Fahasoavan'Andriamanitra no homba ahy (1 Kor. 15, 10)
Que la Grâce de Dieu m'accompagne ! (1 Cor. 15, 10).

Sonia, (Signature,)

# LITORJIAN'NY FANDRAISANA KATEKOMENA (Endriny 1)

( *LITURGIE DE LA CONFIRMATION DU BAPTEME* )

*******************************

**Hira** : 298/1 ( *Aina no fetra ry Tompo Mpanjaka*)

( *manatona mankeo anoloan'ny alitara ny Katekomena horaisina )*

**Fitarihana**

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitondrany ny Fiangonana, dia fifaliana ho antsika anio ny handray ireo olom-bonjena anampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ny Fiangonany.

Vavolombelon'ny faneken'ireto olona ireto ny antso sy ny fitiavan'ny Tompo àry isika, ary miombona amin'ny fahatsiarovana hanavao indray koa ny efa niantsoana sy nandraisana antsika tsirairay avy, ka nanaovantsika ny fanekena tsara teo imason'ny Fiangonana. Aoka àry isika hampiray ny fontsika sy ny fivavahantsika amin'izy ireo eo amin'ny handraisana azy mba ho isan'ny tenan'i Kristy miara-mandray amintsika amin'ny Fanasana Masina. Efa nampianarina ny foto-pinoana Kristiana araka ny Soratra Masina izy ireo, ary manatanteraka ny fanekena natao tamin'ny Batisa.

*Chers Frères et sœurs, par la grâce de Dieu, nous accueillons aujourd'hui dans la joie ces personnes que Dieu rajoute chaque jour aux membres de son Église. Nous sommes témoins de l'engagement de ces personnes à répondre à l'appel et à la manifestation de l'amour de Dieu. C'est aussi une occasion pour nous de nous rappeler et de renouveler en nous-mêmes l'engagement de venir à Dieu et le servir, engagement que nous avons pris devant notre Seigneur et devant l'assemblée chrétienne. Que nous soyons donc unis à ces frères et sœurs, dans nos cœurs et dans nos prières, en ce jour où ils vont pour la première fois se joindre à nous dans la Sainte Cène.*

<u>Aoka hiara-mivavaka isika :</u>

Ry Ray mandrakizay ô ! Misaotra Anao amin'ny fonay manontolo izahay. Sitrakao mantsy ny nanome toky anay fa ny teny fikasana momba ny famonjena dia ho anay sy ny zanakay ary ho an'izay rehetra lavitra na iza na iza antsoin'ny fitiavana hanatona Anao. Andriamanitra Tsara sy Mahatoky ô ! Nino ny fanambaranao izahay. Teo amin'ny batisa dia nanokana ny zanakay ho Anao izahay, ka nangataka ny hirotsahan'ny fahasoavanao aminy. Nampianarinay ny Filazantsaranao izy, ary niezaka izahay, na dia malemy aza, mba hitarika azy ho amin'ny fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao Izay Andriamanitra Tokana sady marina sy Jesoa Kristy Izay efa nirahinao.

Ankehitriny, rehefa nandre ny antsonao izy ireo, ka afaka nifidy an-kalalahana ny làlana hizorany, dia indro tonga eto anatrehanao mba hanambara ny finoany. Ry Tompo ô, mba henoy re ny vavaka rehetra miakatra eo Aminao ho Azy ireo ; raiso koa izahay rehetra anio ho amin'ny firaisana masina Aminao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanakao no angatahanay izany. Ho Azy anie, ary ho Anao Ray any an-danitra sy ho an'ny Fanahy Masina, ny dera sy ny laza ary ny voninahitra mandrakizay.

**SORATRA MASINA.**

Hoy ny Tompo : *« Izaho no Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Raha misy olona ta hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany ka hitondra ny hazofijaliana ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy ; ary na iza na iza hahavery ny ainy noho ny Amiko, dia hahazo izany. Fa inona moa no soa azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy ? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy ? Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko. Ary amin'izany, na zovy na zovy no hanauiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra. Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra ».*

**FANEKENA**

*Mangataka anareo àry izahay, ry havana malala, mba hamaly ny fanontaniana sy fanekena ilain'ny Fiangonana amin'izay rehetra te-ho anisany.*

1. Ianareo va mino an'Andriamanitra Mpahary antsika sady Raintsika any an-danitra, Izay tia antsika ka nanome an'i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana Izay maty sy nitsangana tamin'ny maty ho famonjena antsika ?

*Croyez-vous en Dieu Notre Père et notre Créateur qui nous aime et qui nous as donné son Fils unique, Jésus Christ qui est mort et ressuscité des morts pour nous sauver ?*

2. Mino an'i Jesoa Kristy Zanany, Izay manome famelan-keloka sy fiainana mandrakizay ho an'ny mpanota mibebaka ka manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy va ianareo ?

*Croyez-vous en Jésus Christ qui nous accorde la remission de nos péchés et offre la vie éternelle aux pécheurs qui se repentent, et confessez-vous Jésus Christ comme votre Seigneur et votre Sauveur ?*

3. Moa ianareo va manaiky ho an'ny tenanareo ny faneken'ny Batisa, izay nandraisanareo ny fanomezan'ny Fanahy Masina, mba hizoranareo amin'ny lalan'ny fiainana kristiana, ka ho tia an'Andriamanitra sy hankato ny sitrapony ary hahatsiaro fa ny vavaka sy ny famakiana

ny Baiboly ary ny famonjena ny fanompoam-pivavahana sy ny Fanasana Masina no adidy sady tombontsoan'ny mino ?

*Confirmez-vous pour vous-mêmes les engagements pris lors du baptême où vous avez reçu le Saint Esprit. Acceptez-vous de suivre la voie de la vie chrétienne, et vous engager dès lors à aimer Dieu, à se conformer à sa volonté et reconnaître que la prière, la lecture de la Bible, l'assistance régulière aux cultes ainsi que communier à la Sainte Cène, sont les devoirs et les privilèges des croyants ?*

Manaiky hanaja ny fahamasinana sy ny firaisan'ny Fiangonana va ianareo ka tsy hanaiky ho taomina ho fitaovam-pankorontanana, fa hanaja ny hevitra tapaky ny fivorian'ny Mpandray izay mikendry ny hahasoa ny fiombonana masina ?

*Acceptez-vous de respecter l'unité et la sainteté de l'Église et, par conséquent vous refuserez de vous joindre à tout acte qui semerait la discorde au sein de la communauté. Acceptez-vous de respecter et de vous soumettre aux décisions prises par l'assemblée des membres communiants qui cherchent à confirmer la sainte communion des fidèles ?*

**FANEKENA**

*Mandroso tsirairay mankeo anoloana ny Katekomena horaisina ary* manambara andinin'ny Soratra Masina iray, na tapa-teny ao amin'ny Soratra Masina izay nofidiany manokana ho entiny manambara ny finoany. *Rehefa izany dia* mandray tanana azy ny pasteur sady miteny aminy hoe :

Noho ny fanekena nataonao R.... dia amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina no itsofanay rano sy andraisanay anao ho isan'ny momba ny tenan'I Kristy, ka anasanay anao handray anjara miaraka aminay amin'ny Fanasan'ny Tompo. Andriamanitra Ray Tsitoha, Izay niantso anao hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga, no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anao. Mitsangàna ary mahereza fa momba anao ny Tompo!  Amena.

*Au nom du Père et du Fils et du Saint Esprit, nous te benissons R... et nous t'accueillons comme membre du corps du Christ qu'est l'Église. Et nous t'invitons à venir partager avec nous la Sainte Cène. Dieu Tout Puissant qui t'a appelé à sortir des ténèbres pour entrer dans sa grâce merveilleuse, te gardera et t'affermira !*

*Mandohalika miaraka ny Katekomena ary mametra-tanana aminy sy manome ny Tsodrano ho azy ny Pasteur.*

Tano mafy izay anananao mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao. Dia mitomboa amin'ny fahatsarana rehetra ho voninahitr'Andriamanitra Raintsika? Ho aminareo anie ny Tompo!

*Soyez fidèles jusqu'à la mort afin que personne ne puisse vous ôter la couronne de vie. Progressez dans toutes les bontés pour la gloire de Dieu notre Père. Que le Seigneur vous bénisse ! Lèvez-vous et soyez forts car le Seigneur est avec vous !*

*Amen.* *( mitsangana ny Katekomena aorian'ny Amena)*

**Hiran'ny Katekomena vao noraisina**

*Mpitarika :* Mahereza amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezana. Mandehana amin'ny fifalian'ny Tomponareo. *Soyez forts et affermis. Allez en paix dans la joie de votre Seigneur.*

*(midina mamonjy ny toerany amin'izay ireo Katekomena)*

## LITORJIAN'NY FANDRAISANA KATEKOMENA (Endriny faha-2)

1. **HIRA 446:1** (*Raha mbola atao ny hira dia mitsangana manatrika ny Fiangonana ireo olona ho raisina*)

2. **TENY FANOLORANA** (*Ataon'ny solontena iray avy amin'ny Fiangonana* )

Ireto olona tononina anarana manaraka ireto dia efa nampianarina ny fotopinoana kristiana miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra ka maniry ny hanambara am-pahibemaso ny finoana izay nanaovana batisa azy ary mangataka mba hampaherezina amin'izany.
(*Vakina ny anaran'ireo izay ho raisina*)

3. **FANORENANA** (*Teny ataon'ny Mpitandrina/Pastora = M/P*)

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, teo amin'ny Batisa no efa nandraisan'i Jesosy Kristy anareo ho momba ny tenany sy nampidirany anareo ho isan'ny Fiangonanany. Teo anivon'izao vahoakan'Andriamanitra izao no nitomboanareo ho amin'ny fahalalana tsara ny Tenim- pahasoavany manambara ny fitiavany anareo sy ny fanirahany anareo ho vavolombelony amin'ny toerana rehetra mandrapahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ankehitriny, noho ny fahasoavan'i Kristy, Lohan'ny Fiangonana, dia mikasa hianareo hanambara am-pahibemaso fa ny finoana izay nandraisana anareo teo amin'ny Batisa, toy ny voatsinampy, dia nitombo sy nameno ny fiainanareo manontolo ka ijoroanareo ho vavolomelona eto ankehitriny, fa «tsy menatra ny Fialazantsara [hianareo] fa herin' Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany»

**SORATRA MASINA**: Hoy ny Tompo:
*«Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo dia tsy mahay manao na inona na inona. ..Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa*



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

*efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo.Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka manendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba homen'ny Ray anareo izay rehetra angatahinareo amin'ny anarako na inona na inona, mba haharetan'ny vokatrareo».* (Jao.15: 4-5,15-16)

**VAVAKA**

*Aoka hivavaka isika!*

Ry Andriamanitra Rainay be famindrampo ô, midera sy mankalaza ny anaranao masina izahay noho ireto mpanomponao izay efa natsanganao ho mpandova ny fanjakanao mandrakizay tamin'ny niterahanao azy indray teo amin'ny Batisa masina. Efa nobeazin'ny Fiangonanao tamin'ny finoana ny Filazantsaram-pahasoavan'ny Zanakao, Jesosy Kristy, izy ireto, ary efa nampaherezin'ny Fanahinao Masina hanaraka ny sitraponao amin'ny fahamarinana sy fanetrentena. Ankehitriny izy ireto, mijoro ho vavolombelon'ny fitiavanao izay efa nifidiananao azy ho mpandova fiainana mandrakizay koa entinay eto anatrehanao izy ireto mba hampaherezinao sy hampioreninao amin'ny finoana, fanantenana ary fitiavana anao amin'ny androm-piainany rehetra. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Zanakao, Tompon'ny finoanay sy Mpanefa azy no angatahanay izany. AMEN.

**FANAMBARAM-PANEKENA**

4: **HIRA: Hiran'ny hatokana**

5. **FANAMBARAM-PINOANA**

***M/P***: Ankehitriny, ry rahalahy sy anabavy ao amin'ny Tompo, mangataka anareo eto anatrehan'Andriamanitra sy ity Fiangonana ity aho, mba hiaiky ny finoanareo an'i Jesosy Kristy Tompo, handà ny devoly sy ny asany rehetra ary hanambara ny finoan'ny Fiangonana izay nanaovana batisa anareo. Koa manontany anareo tsirairay aho:

***Fanontaniana***: Moa mifady ny devoly sy ny asany rehetra ary ny fombany rehetra va hianao?

***Valiny***: Mifady azy aho!

***Fanontaniana***: Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha va hianao ?

***Valiny***: Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho!

***Fanontaniana***: Mino an'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra Lahy tokana va hianao?

***Valiny***: Mino an'i Jesosy Kristy, Zanany Lahy Tokana Tompontsika aho, Izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina, naterak'i Maria virijina, nijaly raha nanapaka Pontio Pilato,

nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, maty ka nalevina, nidina tany amin'ny fiainan-tsi-hita, nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo, niakatra ho any an-danitra, mipetraka eo ankavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha; avy any no hihaviany hitsara ny velona sy ny maty.

***Fanontaniana***: Mino an'Andriamanitra  Fanahy Masina va hianao?

***Valiny***: Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amena!

6. **HIRA: 294**

(*Rehefa vita ny Hira dia mitodika manatrika ny Altara masina ireo izay ho raisina*)

7. **FANEKENA SY FAMPAHEREZANA**

***M/P***: (Ranona....) sitrakao tokoa va ny hitoetra amin'ny fanekena izay nataon'Andriamanitra taminao teo amin'ny batisa; ka hiaina eo anivon'ny Fiangonana, hihaino ny tenin'Andriamanitra sy hiombona amin'ny latabatry ny Tompo, hanambara ny vaovao mahafalin'i Kristy amin'ny teny sy ny asa, hanompo ny olona rehetra araka ny ohatr'i Kristy ary hiasa hampanjaka ny rariny sy ny fandriam-pahelemana ety ambonin'ny tany?

***Valiny***: Eny Tompoko!

***M/P***: Aoka hifandray tànana amin'izany isika!

(*Rehefa vita ny fifandraisan-tanana dia mandohalika ilay ho raisina. Mametra-tanana aminy ny mpitandrina/ pastora ka mivavaka hoe...*)

***M/P***: Ry Andriamanitra Rainay Izay any an-danitra o!, mangataka aminao amin'ny alalan'i Jesosy Kristy izahay, mba ampitomboy amin'ity mpanomponao ity ny fanomezana ny Fanahinao Masina, hatanjaho ny finoany, havaozy isan'andro ny fiainany, ampaherezo izy amin'izay anjara fanompoany, tafio faharetana izy raha sendra fahoriana ary tantano ho amin'ny fahasambarana mandrakizay. Amena.

*( Rehefa tafatsangana hianao dia vakio ny andinin-tSoratra Masina nofidinao. )*

8. **TENY FANAMBARANA**

*(Rehefa vita ny fametraha-tanana amin'ireo ho raisina dia miteny ny M/P hoe: )*

***M/P***: Koa satria efa nanambara ny finoanareo ampahibemaso hianareo ary samy efa nandray ny Batisa masina, dia lazaiko aminareo amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Lohan'ny Fiangonana, fa mpiombona amin'ny latabatry ny Tompo sy ny fanomezam-pahasoavana

rehetra anjaran'ny olon'Andriamanitra hianareo ary tompon'andraikitra feno amin'ny raharaha rehetra anirahan'ny Tompo ny Fiangonany.
Ho aminareo anie ny Fiandanana! Amena.

9. **VAVAKA**

***M/P***: Ry Andriamanitra Tsitoha sy mpamindrafo, Rainay izay any an-danitra o! Hianao irery no miasa ao aminay ny faniriana sy fanatanterahana izay rehetra sitrakao: ampioreno amin'ireto mpanomponao ireto ny asa tsara izay efa natombokao tao aminy mba haharetany amin'ny finoana ny Filazantsaranao sy ny fiombonana amin'ny Fiangonanao masina, ka tsy hisy hampiala azy Aminao sy amin'ny marina izay efa nekeny na fampianaran-diso, na ny filan'ny nofo na ny fitiavana izao tontolo izao. Fa amin'ny fanoavana ny Teninao amin'ny fifaliana, aoka izy hahalala Anao tsaratsara kokoa, ho tia Anao bebe kokoa, hanompo Anao amin'ny teny sy ny asa tsara rehetra, mba ho fitahiana ho an'ny mpiara-belona aminy, ho fampandrosoana ny vahoakanao, ary ho voninahitry ny Anaranao: amin'ny anaran'ny Zanakao malalanao dia Jesosy Kristy Tomponay, izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray marina, hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena!

10. **FAMARANANA**

(*Mitodika manatrika ny Fiangonana ireo izay noraisina ka miara miredona hoe:*)

***Ireo noraisina***: «Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika!» (I Jao. 3:1)

11. **HIRA** (*Ataon'ny noraisina na ny Fiangonana na ny antoko mpihira*)



Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# F A N D R A I S A N A
# M P I T A N D R I N A
# M A T I H A N I N A

# FANDRAISANA MPITANDRINA MATIHANINA

## LITORJIAN'NY FANDRAISAN-TANANA MPITANDRINA HO MATIHANINA

**Hira :**

**FILAZANA NY FIFIDIANANA***

***Mpitarika*** *:* Ry havana malala, tafavory eto isika mba hanatrika ny Fandraisan-tanana ny Mpitandrina ________ho Mpitandrina matihanina eto amin'ity Fiangonana FPMA Tafo ___ity, ary hangata-pitahiana ho azy sy ny Fiangonana eto. Koa aoka hohenointsika aloha ny dinidinika momba ny fanapahan-kevitry ny Tafo teto _______ny handraisana azy ho matihanina eto.

*-Mitsangana ny Tonia solontenan'ny Tafo milaza ny fitanana an-tsoratra momba ny fifidianana nataon'ny Fiangonana. -*

**Hira : 288/1,2** (*Sambatra izay voafidy ho mpiasanao…*) Feony 283

**FANONTANIANA ARAHIN'NY FANEKEN'NY MPITANDRINA**

***Mpitarika****:* Ry havana, efa rentsika teo ny filazana ny fanapahan-kevitry ny tafo...................nifidy ny Mpitandrina ho matihanina eto.

Koa amin'zany, manontany anao izahay, Pasteur______, manaiky ny fifidianana anao ho mpitandrina matihanina eto va ianao ?

***Mamaly ny Mpitandrina***

***Mpitarika*** *:* Mangataka anao àry izahay hanambara ampahibemaso ny fanekenao izao antson'ny Fiangonana izao sy izay kasainao amin'ny fanatanterahana ny asa maha-Mpitandrina anao eto amin'ity Fiangonana ity.

*Mpitandrina raisin-tanana****:*** ***Hiteny izay heveriny fa mety***

**FANOMEZAN-TOKY ATAON'NY SOLONTENAN'NY FIANGONANA**

*Mpitarika* : Miara-miasa ny Mpitandrina sy ny Fiangonana, koa miangavy anareo eto _____ izahay mba hanambara kosa ny toky omenareo ny Mpitandrina eo amin'ny fanampiana azy hanatanteraka ny asany

*Solontenan'ny Tafo :* **Eto anatrehan'Andriamanitra sy ireto vavolombelona maro manatrika eto anio, izahay tafo eto ____dia manome toky anao Pasteur ___**(tononina feno ny anarany) **fa hanohana sy hanampy anao araka izay tokony hataonay mba hahamora sy hampirindra tsara ny asa maha-Mpitandrina ataonao eto aminay. Ekenay ny handray anao ho raiamandreninay ary tokinay ianao, ka hiezaka araka izay azontsika hatao isika hiaro ny firaisan'ny Fiangonana tsyho simba, ary hanaja sy hankato ny Foto-dalàna (Statuts) sy ny Fitsipika Anatin'ny FPMA. Ny herin'Andriamanitra no iankinanay hanatanterahana izany!**

**Fandraisan-tanana ny Mpitandrina**

*Mpitarika :* Angatahana ny Mpitandrina rehetra manatrika eto mba hitsangana eto an-kavia sy ankavanan'ny alitara manotrona ny Mpitandrina ___

Hoy Jesoa Tompo Lohan'ny Fiangonana :«Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany ; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo ; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.» Matio 28, 18-20

Izao koa ny voasoratry ny apostoly Petera : «Koa ny amin'ny loholona izay eo aminareo, izaho, izay naman'ny loholona sy vavolombelon'ny fijalian'i Kristy ary mpiombona ny voninahitra efa haseho koa, dia mananatra azy hoe : Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra ] ; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy ; tsy ho mpanjakazaka amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary raha miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo.» I Petera 5, 1-4

**Koa noho izany Fanekena nataonao teo izany, dia mandray tanana anao izahay, amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, sady mametraka anao amin'ny fitandremana ity Fiangonana ity**. «Tandremo ny tenanao sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny ondrin'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny rany.» Asa 20, 28

(*Raisin-tanana ny Mpitandrina [sy ny vadiny]*)

**VAVAKA** (mitsangana ny Fiangonana manontolo)

Andriamanitra Rainay be famindrampo ô! Ianao efa nampianatra anay tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanakao Lahitokana Mpamonjy anay, mba hangataka Aminao haniraka mpiasa hamory ny vokatra, satria «be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy». Misaotra Anao izahay noho ny amin'ity mpanomponao izay namaly ny antsonao, ka nanaiky hirotsaka eo an-tanimbolinao. Koa mba henoy ny fangatahanay ho azy izay noraisinay teto anatrehanao sy ny Fiangonana androany. Tompo ô, arovy izy noho ny anaranao, ary hamasino noho ny fahamarinanao. Hatanjaho amin'ny finoana sy ny fitiavana Anao izy mba ho vavolombelona mahatoky amin'ny toetra sy ny asa. Mombà azy amin'ny adim-panahy sy ny zava-tsarotra mety hitranga, mba hahatonga azy ho mpandresy amin'ny alalanao. Ary aoka koa hotahianao ity Fiangonana ity sy ny mpanao raharaha rehetra eto, ny tanora sy ny ankizy madinika ary ny olon-dehibe, hiara-miasa amin'ny fifanajana sy ny fifankatiavana ary ny fifandeferana hahatonga ny voninahitrao hamirapiratra eto. Amin'ny anaranao Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana no hanaovanay izao vavaka izao. Amena.

*Merci, Seigneur Jésus, d'avoir écouté nos prières. Tu as appelé quelqu'un à te servir. Nous venons de reconnaître aujourd'hui son ministère, ici dans cette paroisse ______ de la FPMA. Que le Dieu de la persévérance et de l'encouragement leur donne d'être bien d'accord entre eux, selon toi Jésus-Christ, pour que, d'un commun accord, d'une seule voix, ils glorifient le Dieu et Père de Toi, notre Seigneur Jésus-Christ ! Amen.*

**FANOLORANA NY MPITANDRINA**

*Mpitarika* : Ry havana, mitodika aminareo Fiangonana eto_____izahay ; efa nifidy an'i _________ ho Mpitandrina anareo ianareo. Inoanay fa ny Tompo efa nanendry azy ho amin'izao fanompoana masina izao. Koa dia manolotra azy anareo izahay, sady mitsodrano anareo mba hambinin'Andriamanitra anie ny fiarahanareo miasa aminy, ho fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra Irery ihany. Izahay Mpitandrina rehetra mpiara-miasa dia mandray tanana azy sady mirary ny fahasoavan'Andriamanitra ho aminy sy ny ankohonany rehetra, hahavitany be eo amin'ny asa fanompoana. Aorian'ny Fandraisan-tanana ataon'ireo Mpitandrina mpiara-miasa rehetra manatrika eto anio, dia mangataka solontena iray aminareo indray mba hanana teny fohy.

(*Mandray tanana azy (mivady) ny Mpitandrina rehetra. Aorian'izany dia manao teny fohy fisaorana sy maneho ny hafalian'ny tafo mandray ny Mpitandrina eo aminy ny solontenan'ny Fiangonana*)
(mipetraka ny Fiangonana)

**TENIN'NY SOLONTENAN'NY FIANGONANA** : Fisaorana sy fanehoana hafaliana

**HIRAN'NY FIANAKAVIAN'NY MPITANDRINA** (raha misy)

[* Raha mbola hanohy ny fifidianana mpitandrina ny FPMA]

# F A N A M B A D I A N A

# FANAMASINANA SY FITSOFAN-DRANO FANAMBADIANA

**FANDAHARANA**

Feon'Orga

FIARAHABANA

FIANTSOANA

Hira

Vavaka

Vakiteny

Hira

Toriteny

Hira

FANAMASINANA

**FANORENANA**

*Mpitarika* : RA... sy RA... *( tononina ny anaran'ny mpivady hatao mariazy)*

Efa nanao fanekena ampahibemaso teo anatrehan'ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana ara-panjakana (tany amin'ny Mairie) ianareo fa hiara-monina, ho mpivady eo anatrehan'ny lalàna. Tonga eto am-piangonana indray kosa ianareo haneho am-pahibemaso ny fanekenareo ho isan'ny tokantrano kristiana, tokantrano eo ambany fitarihan'Andriamanitra, ankohonana eo ambany fifehezan'i Kristy. Raha nanontaniana momba ny fanambadiana i Jesoa, dia hoy ny navaliny hoe : **« Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa izay nahary azy tamin'ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy** (Genesisy 1, 27), **ka dia nanao hoe :**
**„ Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny ; ary dia ho nofo iray ihany izy roaroa** (Genesisy 2, 24), **ka dia tsy roa intsony izy , fa nofo iray ihany. Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona ."»** *Matio 19, 4-6*.

**« Ianareo vehivavy, *maneke* ny vadinareo tahaka ny *anekena* ny Tompo. Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no lohan'ny fiangonana ; ary Izy no mpamonjy ny tena. Fa tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra. Ianareo lehilahy, tiava ny**

**vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy.»** *Efesiana 5, 22-25*.

## Faneken'ny fianakaviana sy ny vavolombelona

***Mpitarika*** : Eto anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana no handraisantsika ankarihary ny fifaneken'izy mivady hanaraka ny fomban'ny fanambadiana kristiana aorina araka ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany no anontanianay anareo vavolombelona misolo tena ny fianakaviana, sy ianareo zanany manatrika eto :

**-Manaiky** va ianareo fa hanaja sy hitandro ny fahafahan'izy mivady amin'izay hitondràny araka ny safidiny malalaka ny fiainan-tokantranony, ka manome toky ianareo fa tsy hisalovana na hanelingelina ny fiainany manokana eo amin'izay iarahan'izy mivady mitondra ny fiainany, fa hanampy azy ireo kosa amin'izay azonareo atao eo amin'ny ilàny ny fanohananareo azy ?
Eny, tompoko.

## FANEKEN'NY MPIVADY

**Lehilahy.**
Izaho Ra..........................., dia mandray anao Ra........................... ho vadiko manaraka ny fomba fanambadiana kristiana. Manomboka amin'ity andro ity, na mitombo harena isika na mihamalahelo na finaritra na marary, dia ho tia anao sy hamelona anao aho na inona na inona manjo antsika ary hijanona aminao irery ihany mandra-pihavin'ny fahafatesana.

**Vehivavy**
Izaho Ra..........................., dia mandray anao Ra...........................ho vadiko manaraka ny fomba fanambadiana kristiana. Manomboka amin'ity andro ity, na mitombo harena isika na mihamalahelo na finaritra na marary, dia ho tia anao sy hamelona anao aho na inona na inona manjo antsika ary hijanona aminao irery ihany mandra-pihavin'ny fahafatesana.

PERATRA

Lehilahy
Omeko anao ity peratra ity ho fahatsiarovana sy famatantarana fa izaho efa nampakatra anao ho vadiko

Vehivavy
Omeko anao ity peratra ity ho fahatsiarovana sy famatantarana fa ianao efa nampakatra ahy ho vadinao.

**Fanambarana**: Mifandray tanana amin'ny Pastora

*( Miara-mandohalika izy mivady ary ametrahan-tanana sy tsofin-drano hoe :)*

**Andriamanitra Rainareo hampirotsaka be dia be ny fitahiany ho anareo avy amin'izao fikambanana masina izao. Andriamanitry ny faharetana sy ny fiononana hampiray hevitra anareo araka an'i Jesoa Kristy, mba ho saina iray no hiarahanareo mankalaza an'Andriamanitra Rain'i Jesoa Kristy Tompontsika. Andriamanitry ny fanantenana hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina.**

*( Mitsangana izy mivady aorian'izany, ary tohizan'ny Mpitarika ny Vavaka fanamasinana sy fitsofan-drano )*

**Vavaka fisaorana sy fangatahana**

Tompo Andriamanitray ô, jereo amin'ny masom-pitiavanao sy ampitoero eo ambany fahasoavanao ireto havanay vao nifanaiky androany teto anatrehanao. Ampio izy ireo hiroso lalindalina kokoa hatrany amin'ny finoana sy ny fahatokiana Anao, ka ambino ny fifankatiavany hiorina ao amin'ny fitiavanao Jesoa Kristy tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.

Ho marika tahafina hampiova an'ireo izay mbola misalasala anie ny faharesen-dahatra ananan'izy ireo. Ny Fanahy Masina anie harotsakao aminy, mba hahafahany mivelona tokoa amin'ny Teny fiainana, ka hanovo fahendrena sy fahalalana, finoana sy fanetren-tena ary fitiavana izy ireo, hitondrany ny fiainany miaraka Aminao Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay omem-boninahitra sy laza mandrakizay, Amena.

RAKITRA ( Hira)

Fanaovan-tsonia sy fanolorana certificat

Hira

Tsodrano

Hira

Feon'Orga

RAMARQUES:
avt 16/10/20

FIVORIANA 8 ET 15
VISIOCONFERENCE
9H à 11h